



FIADIDIANA NY REPOBLIKA **FAMPITAM-BAOVAO**

Madagasikara - Norvezy: Manohana ny ady amin'ny kolikoly sy ny fanamafisana ny fandrosoana ara-demokratika ny norveziana

Nanolotra ny taratasy manendry azy hiasa eto Madagasikara an'i Filoha Andry Rajoelina androany alarobia 27 marsa maraina, teny lavoloha, ny Masoivoho vaovaon'i Norvège, Ramatoa hajaina Astrid Emilie Helle. Efa maherin'ny zato taona ankehitriny ny fifandraisana eo amin'ny Madagasikara sy Norvège. Niarahaba manokana an'i Madagasikara ity Masoivoho vaovao ity nohon'ny asa lehibe vita teo amin'ny fanamafisana ny Demokrasia ary ny fanaovan'ny Governemanta malagasy ho laharam-pahamehana ny ady amin'ny fahantrana. Nanambara i Norvège fa vonona hanohy ny fiarahamiasany miaraka amin'i Madagasikara na eo amin'ny sehatry ny fanabeazana, na ny fahasalamana, fa indrindra eo amin'ny fanamafisana ireo andrim-panjakana ara-demokratika sy ny ady amin'ny Kolikoly.

Fiadidiana ny seraseran'ny Repoblika
27-03-2019